# Mofonaina 04 Septambra 2024 – MATIO 8.5-13

## Matio 8.5-13

Mt 8.5-13

**KONTEKSTA**
Manam-boninahitra Romana manatona an'i Jesoa mangataka ho an'ny Mpanompony (ankizilahiny)

### 1- FINOANA MAMPAHAGAGA

ROMANA (Jentilisa. no tonga amin'ny finoana)
Manam-boninahitra (miaramila no resy lahatra)
**FAMPIHARANA**
Fifaliana mahita ireo be galona mivavaka, fahagaganany mahita mpanompo sampy tafiditra am-piangonana, reherehan'ny Fiangonana ny hoe nisy manam-pahefana namaly ny fanasany.
**ANTSO**
Isika tafahaona ao anatin'izao fanompoam-pivavahana izao
Asehoy fa miorina amin'ny finoana ianao na inona na inona toerana misy anao eo amin'ny fiarahamonina mba ho tonga figagana eo imason'ny olona ianao noho ny finoana iainanao.

### 2- FINOANA MAMPANETRY TENA

Ao amin'ny Soratra Masina dia misy ny filazana olona natosiky ny finoana ka nanetry tena teo anatrehan'ny Tompo.
Tandapa Etiopianina (Ac 8,36)
Vehivavy manan-kaja (Ac 17.12)
**FAMPIHARANA**
Ny Fiangonana amin'izao dia mitodika amin'ireo marefo sy mila vonjy ara-materialy.
Ny fiaraha-monina dia mihevitra fa tsy mila an'Andriamanitra ny olo-manan-kaja sy manan-katao.

Ny manam-boninahitra dia miandry zavatra manokana vao hanatona ny Tompo.
**ANTSO**
Isika manaraka izao fanompoam-pivavahana izao,
Asehoy fa miorina amin’ny finoana ianao, ento manatona ny Tompo amin’ny fanetren-tena ny voninahitra anananao.
Ento manatona ny Tompo amin’ny fanetren-tena izay rehetra mety ho reharehanao (harena sy fananana, Tanjaka sy hery, endrika amam-bika; fahaizana amam-pahalalana…)

## 3- FINOANA MAMPIHEVITRA NY HAFA

Ny finoan’ilay kapiteny eto dia nasehony amin’ny fiheverana ny mpanompony.
Tsy nihodinkodina teo amin’ny momba azy ny antony nanatonany ny Tompo fa ho an’ny hafa.
**FAMPIHARANA**
Mazana rehefa mivavaka isika dia mihitsoka eo amin’izay atao hoe momba ny tena. Raha miitatra kely dia ny amin’ny vady aman-janaka, ankoatr’izay efa mahalana ny fangatahana ho an’ny fianakaviana, ohatry ny tsy misy ny mpifanila-bodirindrina.
Mijanona eo amin’ny fosafosa ny momba ny mpiara-miasa.
Ampy rehefa natao resa-be ny olana eo amin’ny firenena. Mandany fotoana ary toa afa-po tamin’ny fitsikerana.
**ANTSO**
Isika miombona manoloana izao hafatr’Andriamanitra izao.
Asehoy fa miorina amin’ny finoana ianao, Aza mihevitra ny hahasoa ny tena ihany fa saino koa izay hamonjen’i Jesoa ny hafa: Mivavaha ho an’ny manodidina anao na ny lavitra na ny akaiky, eny na izay tsy fantatrao akory aza.